REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

EMBASSY OF MADAGASCAR
Washington, DC
U.S.A.

L'AMBASSADEUR

Alakamisy, **faha 4 Desambra 2008**

N. 08-374 WSH-AMB-CMD

FANAMBARANA

Ho setrin'ireo lahatsoratra sy vaovao nivoaka tato ho ato mikasika ny vinavinam-pampiasam-bola eo amin'ny sehatry ny fambolena izay mety hataon'ny DAEWOO LOGISTICS CORPORATION na DWL avy any Korea Atsimo any Madagasikara, dia nahatonga fanazavana ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny sy ny Minisitera miahy ny Fananan-tany, ny Fizakana ny tany sy ny Fanajariana ny tany, izay maneho fa diso ary tsy marim-pototra ny filazana fa nisy fifanarahana fanomezan-tany ho an'ny DWL.

Fantatra ary fa misy tokoa ny fikasan'i DWL hanao fambolen-katsaka sy famokarana « *huile de palme* » any Madagasikara. Amin'izao fotoana izao kanefa dia mbola eo amin'ny tanjon'ny fizahana mialoha ny toerana ho trandrahana izy ireo, ary tsy mbola misy na tatitra, na fanapahan-kevitra, na fanaovan-tsonia fifanarahana fampanofana tany maharitra teo amin'ny roa tonta.

Ampiarahina amin'ity taratasy ity ny fanambarana an-gazety nataon'ny sampan'ny DWL any Madagasikara tamin'ny 21 Novambra 2008 ho fampahalalam-baovao.

EMBASSY OF MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
U. S. A.

L'Ambassadeur

Jocelyn B. RADIFERA